بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِنَّا لِلَّهِ وَإِنَّآ إِلَيْهِ رَاجِعُونَ

# TENY AVY AMIN'NY MPANORATRA

*Ry rahalahy mpino silamo !*

*Salamoun alaykoum,*

*Ny lohateny moa dia efa manambara amintsika sahady ny zavatra resahina sy tiana ampitaina amin'ny alalan'ity boky kely ity, dia ny hoe : NY FOMBA ATAO RAHA MISY MATY.*

*Ela tokoa no niandrasantsika, ka tontosa izy ankehitriny ary atolotra am-panajana antsika, ho vakiana sy hianarana ary ampiasaina.*

*Mino izahay fa ho faly tokoa ianareo, satria tanteraka ny hetaheta hatramin'izay, dia ny amin'ny tokony hisian'ny boky tahaka itony. Koa dia aoka isika samy hisaotra an'Andriamanitra ilay avo indrindra.*

*Al hamdou lillahi rabil alamina.*

*Anisan'ireo fampianarana iray lehibe mampiavaka ny finoana silamo ny fanomezana hasina ny maha-olona, na velona, na maty ilay olona. Hoy Allah ta'ala ao anaty Koroany masina manao hoe : « Inna lillahi oa inna ilaihi rajiona ». « Avy amin'ny Allah isika ary any aminy no hiverenana », mazava izany fa ny fahafatesana dia fiverenana sy fodiana ary lalana mankany amin'ilay Andriamanitra mpahary antsika, ka tsy azo atao ambanin-javatra sy tsinontsinona mihintsy ny fikarakarana ny maty, ary tsy azo ataotao foana.*

*Fiadanana sy fiantrana ny maty ary fiononana ho an'ny velona nilaozany ny fanomezana hasina ny maty amin'ny alalan'ireo fomba tsara sy marina atao aminy araka ny fomba islamika.*

*Tsy misy olona na dia iray aza tsy maniry ny ho tsara filevenana sy fiafarana amin'ny andro iray izay handaozany an'ity tany ity , kanefa dia hita fa maro amintsika mpino silamo no tsy ampy fahalalana momba ny atao raha misy ny maty. Noho izany antony rehetra izany mihintsy no nanosika anay ato amin'ny INSTITUT ISLAMIQUE DE MADAGASCAR,*

ary tsy nataonay ambanin-javatra ny famoahana boky mitanisa sy mampianatra ny daholobe momba izay rehetra tsara atao amin'ny maty alohan'ny handevenana azy sy ny aorian'izany.

Ireo Cheikhs mpampianatra manampahaizana mivondrona ao amin'ny INSTITUT ISLAMIQUE DE MADAGASCAR no niaranomana sy nanatontosa izao boky izao. Ny tanjony amin'izany dia ny ahafantaran'ny mpino rehetra ny tena fomba Islamika marina momba ny atao raha misy maty.

Ny fomba nanoratana ny boky dia natao indrindra ho azon'ny daholobe ampiasaina na dia tsy misy mpampianatra aza. Koa satria mbola fintina ihany ity boky ity, dia mety ary azon'ireo te-hahafantatra bebe kokoa ny mandefa fanontaniana aty amin'ny foiben'ny INSTITUT ISLAMIQUE DE MADAGASCAR aty Antananarivo, na koa manantona mivantana ireo Cheikhs manam-pahaizana nianatra momba ny Teolojia Islamika, izay mitantana ny Centre Islamique eo ambany fifehezan'ny INSTITUT ISLAMIQUE DE MADAGASCAR any amin'ny faritra akaiky azy.

Dia samy ho tahian'Andriamanitra daholo.

Wassalam alaykoum !

Ny komity mpanoratra

NY INSTITUT ISLAMIQUE DE MADAGASCAR

B.P. 4220 – Tél. : 032 07 327 03 Antananarivo

---------------------------

# BISMIHI TA ’ ALA
# NY FOMBA ATAO RAHA MISY MATY

**Toy izao ny zavatra MOSTAHAB atao amin’izany :**

- Raha fantatra fa eo ampialanaina (EHTEZAR) ilay olona dia alaina izy ampatoriana mitsilany ary ny tongony no atodika any amin’ny KIBLAT.

- Tsara mostahab ihany koa ny fampamakiana azy ny soratra masina toy ny Kalema na Shahadatain, ny anaran’ireo Imamotsika 12, mandra-pahatapitrin’ny fofonainy.

- Tokony mamaky Kor’any koa eo anatrehany toy ny Souré Yassin, Wassafat, Ahzab, Ayatoul Koursi, ny Doa al-adilat…

- Mostahab rehefa tapitra ny ainy ka sendra mivoha ny masony na ny vavany dia hidina, ahintsy tahaka izany koa ny tongony sy tanany.

- Tsara raha mazava tsara ny efitrano misy ilay razana.

- Tsara raha mandefa fampilazana avy hatrany amin’ireo Havana sy ny namana mpino rehetra.

**MAKROH :** tsy tsara mihintsy :

- Ny mamela irery ny razana.
- Mametraka zavatra mavesatra eo ambony vatany.
- Ny manakaiky azy (ilay faty) raha mbola amin’ny Janaba na ao anatin’ny Hayz ianao.
- Mitabataba sy manao resabe eo akaikiny.
- Manatara ny fampandroana azy.

**Ireto avy ny asa tsy maintsy atao (wajib kifa’i) aminy alohan’ny handevenana ny razany :**

I- Tsy maintsy ampandroina izy.

II- Tsy maintsy atao Honoot izy.

III- Tsy maintsy fonosin-damba izy (KAFAN).

IV- Tsy maintsy ivavahana izy (SOALATIL MAYIT).

V- Tsy maintsy alevina izy.

**Ny Wajib kifa’i :** dia midika hoe : rehefa misy olona mitsangana manao ilay asa dia efa ampy izay ary, tsy voatery ny rehetra no tsy maintsy manao izany asa izany.

## I- NY FOMBA FAMPANDROANA (Ghoslo) FATY

✓ Tokony ampatoriana mitsilany ilay razana ary ny faladian-tongony no atodika manoloana ny KIBLAT.

✓ Tokony manao fikasana izay olona hampandro azy isaky ny Ghoslo (niyat).

✓ Alohan'ny hampandroana azy dia tokony esorina aminy daholo ireo zavatra mety manakatsakana ny fahatongavan'ny rano eny amin'ny vatany, toy ny fitafiany, ny peratra, sy ny hafa rehetra.Tsy anisan'izany ny nify mifono volamena ataon'ny lehilahy.

✓ Tsy azo esorina intsony ny singa miraikitra amin'ny tenan'ilay olona rehefa maty izy toy ny volony (volon-doha, helika, sy ny hafa..) na ny hohony na dia hita fa lava tokony hiala aza izany.

✓ Tsy voatery esorina ny maloto izay tavela any anaty tratra na kibon'ilay olona maty, fa raha atahorana hivoaka izany dia sakanana amin'ny coton na landihazo. Fa raha sanatria misy loto mivoaka aorian'ny fampandroana ka nandoto ilay kafan na ny vatany, dia tsy maintsy diovina sy atao Toahara ny lamba kafan na soloina hafa ary ny faritra voaloto tamin'ny vatany dia diovina koa.

✓ Takonana amin'ny tapa-damba ny henatr'ilay olona mba tsy hiboridana izy rehefa mampandro azy.

✓ Rehefa vita ireo, dia tokony atao izay hampadio ilay faty alohan'ny tena hampadroana azy araka ny didim-pinoana Islamika. Esorina ny loto izay hita ety amin'ny vatany ivelany toy ny kaka, ny pipy, lio sy ny hafa rehetra, (eponge misy savony no ampiasaina amin'izany, raha misy).

✓ Ny manamanjo (ny zanany na ny rainy…) no mifidy sy manendry izay olona tiany hampandro ny havany.

✓ Misy karazany telo ny rano ampiasaina amin'ny fampandroana (ghoslo) ny maty, dia ireto avy :

a) Rano nafangaro amin'ny ravina mokonazy.

b) Rano nafangaro amin'ny vovoka kanfor. (camphre)

c) Rano madio tsotra tsy mifangaro.

Tsy maintsy hampandroina in-telo ny maty.

Ireo karazana rano telo ireo no ampifandimbiasana hampandroina ilay faty, arak'io filaharany io. Atomboka amin'ny lohany sy ny tendany izany avy eo dia ny ila vatany havanana ary farany dia ny ila vatany havia, no sady miteny hoe : Anfoann, anfoann. Mitovy amin'ny fanaovana ghoslo Janaba iny ihany no fanaovana ghoslo mayit.

**Andinindininy mikasika ny fampandroana faty :**

- Raha sendra tsy misy ny ravina mokonazy na kanfor dia rano tsotra no asolo toerana azy, ary tsy maintsy in-telo ihany.
- Raha ny rano mihintsy no tsy misy dia tsy maintsy atao Tayamom in-telo mba ho solon'ireo rano karazany telo ireo.
- Raha faty efa potika na may ka tsy azo ampandroina intsony dia Tayamom no atao azy.
- Ny zazarano raha latsaky ny efabolana na mihoatra kosa dia tsy maintsy ampandroina sy atao honoot ary fonosina kafan, fa tsy anaovana soalatil mayit.

**Ny fepetra takiana amin'ny mpampandro faty :**

- Ampy taona, manan-tsaina, mpino silamo, raha lehilahy no maty dia lahy no mampandro azy ; ary raha vehivavy dia vavy koa no manao izany.
- Azon'ny mpivady atao ny mampandro ny vadiny.
- Raha ankizy latsaky ny telo taona no maty dia tsy misy olana na lahy na vavy no mampandro azy.

## II- NY FOMBA FANAOVANA HONOOT

Ny asa faharoa izay tsy maintsy atao aorian'ny fampandroana dia ny fanosorana KANFOR, io no antsoina hoe : Honoot.potehina ny kanfor ary ahosotra ny handriny, ny felatanany roa, ny lohaliny roa ary ny ankihibe tongony roa. Ireo faritra voalaza ireo dia ireo faritra mitehaka amin'ny tany rehefa manao sojod ny olona.

## III-NY FOMBA FAMONOSAN-DAMBA KAFAN

Ny asa fahatelo tsy maintsy atao aorian'ny Ghoslo sy ny Honoot dia ny famonosan-damba azy avy hatrany izay atao hoe : Kafan.

Ny Wajib amin'ny tapa-damba ampiasaina dia telo monja. Raha miampy ireo tapa-damba Mostahab anefa izany dia ho fito an'ny lahy ary valo ho an'ny vavy.

### A- Ireo karazana tapa-damba telo Wajib

1- **Ny MIZARO na SIKINA** dia ilay lamba fotsy asikina azy manomboka eo ambony foitrany ka hatrany ambany lohalika. Tsara anefa raha hatreny ambany tratra ka hatrany ambony faladihany ny sikina raha ampy ny lamba.

2- **Ny KAMISO na AKANJO** dia ilay lamba miendrika akanjo hanaromana ny vatany manomboka eo amin'ny sorony roa ka hatreny amin'ny ranjony. Tsara raha mihoatra ka tonga eny an-tongony ny lamba.

3- **Ny IZARO na RAKOTRA** dia ilay lamba lehibe afaka mandrakotra ny vatany iray manontolo mba hamonosana azy, manomboka hatrany an-dohany ka hatrany an-tongony izay somary atao mihoatra kely mba misy hamatorana ny tendrony roa.

### B- Ireo tapa-damba efatra Mostahab ho an'ny lehilahy

1- **Solo-pataloha** dia ilay tapa-damba miendrika pataloha afaka hamonosana ny tongotra roa.

2- **Solo-fehiloha** dia ilay tapa-damba afehy ny loha toy ny Amama.

3- **Solo-fehikibo** dia ilay tapa-damba kely hitazonana ilay sikina miendrika fehikibo.

4- **IZARO na rakotra faharoa** izay mitovy refy tamin'ilay iray voalohany.

## C- Ireo tapa-damba dimy Mostahab ho an'ny vehivavy

1- Solo-pataloha,
2- Tapa-damba ampiasaina hanakonana ny tratrany,
3- Solo-sarondoha dia ilay tapa-damba atao sarondoha mitovy endrika amin'ilay fampiasany rehefa manao soalat,
4- Solo-fehikibo
5- IZARO na rakotra faharoa

## D- Ny fepetra manokana takiana momba ny lamba KAFAN

- Ny lamba dia tsy maintsy ara-dalàna tsy ghasbi,
- Ny lamba dia tsy tokony manify loatra,
- Ny lamba dia tsy maintsy madio Toahara,
- Ny lamba fotsy no tsara kanefa dia tsy lamba landy, fa coton na soga no mety.

## E- DJARIDA na RANTSAN-KAZO

Asa tsara tokoa ary Mostahab amporisihina ny fanaovana azy :


Ny Djarida dia ilay rantsan-kazo maintso. Ireo Imamotsika dia nanamafy ny maha zava-dehibe ny fanaovana azy, izay apetraka eo amin'ny ila-vatana roan'ilay faty. Voalaza hono fa miaro ny maty amin'ny tsindrin'ny fasana izy iny.

Ny rantsana kalalobe (datier) na rantsana palmier na rantsana apongaben-danitra (grenadier) mbola maintso tsy maina, rehefa tsy misy ireo dia izay mitovitovy aminy no ampiasaina.

Ilay rantsan-kazo ampiasaina dia tokony mitovy halavana amin'ny tanany, (hatreo amin'ny sorony ka hatreny amin'ny rantsantànany.

## NY KAFAN

Modely kafan ho an'ny olon-dehibe. Sarin'ireo tapa-damba telo wajib sy ireo Mostahab sasany hafa miaraka amin'ny refiny avy.



## IV- NY FOMBA FIVAVAHANA ATAO HO AN'NY MATY

Ny asa fahaefatra izay tsy maintsy atao aorian'ny Ghoslo sy ny Honoot ary Kafan dia ny fanatanterahana ny vavaka fanao ho an'ny maty alohan'ny fandevenana (soalatil mayit).

Ny fatin'ny mpino silamo feno enin-taona no miakatra rehetra dia tsy maintsy anaovana fivavahana na dia heverina fa tsy anisan'ireo mpanara-dalàna azy izany olona izany. Ny fanatrehana io vavaka atao amin'ny maty io dia fahasoavana lehibe tokoa.

**Ireto avy ireo fepetra tsy maintsy tandremana mba hahatomombana ny SOALATIL MAYIT :**

1- Tsy maintsy manao fikasana na niyat ny olona izay hivavaka ho an'ilay maty, tahaka izao : "Ossoali soalatal mayit korbatan ila Ilahi taala" na koa hoe : "Ataoko izao vavaka ho an'ny maty izao mba hanakaikezako an'Andriamanitra ilay avo"

2- Tsy maintsy ampitsanganana no anaovana ny vavaka rehetra, mitodika any amin'ny Kiblat. Raha lehilahy no maty dia tandrify ny foitrany no mitsangana ny imam mitarika ny vavaka, ary raha vehivavy kosa dia tandrify ny tratrany no mitsangana izy.

3- Atsivalana ampatoriana mitsilany eo anoloan'ireto mpivavaka ny razana ary ny lohany no aty ankavanan'izy ireo.

4- Tsy maintsy toerana ara-dalàna no anaovana ny vavaka.

Toy izao ary ny fomba fanaovana ny vavaka soalat al-mayit :

Ny vavaka atao dia ny fanaovana Takbir (Allaho akbar) in-dimy (5), ary isaky ny aorian'ny Takbir iray dia misy ZIKR na Doa miaraka aminy.

Aorian'ny Takbir voalohany dia ny Shahadatain, aorian'ny faharoa dia salawat ho an'ny Mohammad sy ny taranany, aorian'ny fahatelo dia fangataham-pitahiana ho an'ny mpino rehetra, aorian'ny fahaefatra dia fangataham-pitahiana ho an'ilay razana, ary ny fahadimy dia famaranana azy.

Toy izao ny vavaka atao amin'izany :

A- Raha amin'ny fomba tsotra sy fohy :

## صلاة الميت

**١ – اللهُ أكْبرُ :**

**أشهد أن لا إله إلا الله وحده لا شريك له وأشهد أن محمداً عبده ورسوله**

**٢ – اللهُ أكْبرُ :**

**اللهم صلّى على محمد وآل محمد ، وارحم محمداً وآل محمد**

**٣ – اللهُ أكْبرُ :**

**اللهم اغفر للمؤمنين والمؤمنات والمسلمين المسلمات**

**٤ – اللهُ أكْبرُ :**

– (للذكر) **اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِهذَا المَيت .**

– (للأنثى) **اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِهذِهِ المَيت .**

**٥ – اللهُ أكْبرُ**

Aorian'io Takbir fahadimy farany io dia tsy azo atao ny mangina mijanona avy hatrany, fa tsy maintsy tohizana amin'ny fangatahampitahiana ho an'ilay maty izany, toy ny famakiana ny Al-Fatiha sy Doa hafa rehetra fanao momba izany.

B- Raha amin'ny fomba lava fanao mahazatra :

## صلاة على الميت

**١– اللهُ أكْبرُ :**

**أشهد أن لا إله إلا الله وحده لا شريك له وأشهد أن محمداً عبده ورسوله أرسله بالحق بشيرا و نذيرا بين يدي السّاعة .**

**٢– اللهُ أكْبرُ :**

**اللهم صلّى على محمد وآل محمد ، وارحم محمداً وآل محمداً ، كأفضل ما صليت وباركت وترحمت على إبراهيم وآل إبراهيم إنك حميد مجيد ، وصل على جميع الأنبياء والمرسلين و الشهداء و الصديقين و جميع عباد الله الصالحين .**

**٣– اللهُ أكْبرُ :**

**اللهم اغفر للمؤمنين و المؤمنات و المسلمين و المسلمات الاحياء منهم والأموات ، تابع اللهم بيننا و بينهم بالخيرات ، إنك مجيب الدعوات إنك على كل شيء قدير .**

**٤– اللهُ أكْبرُ :**

**– (للذكر) اللهم إن هذا المسجّى قدامنا عبدك و ابن عبدك وابن أمتك نزل بك وأنت خير منزول به ، اللهم إنا لا نعلم منه إلا خيراً وأنت أعلم به منا ، اللهم إن كان محسناً فزده فى إحسانه وإن كان مسيئاً فتجاوز عن سيئاته واغفر لنا وله ، اللهم اجعله عندك فى أعلى عليين واخلف على أهله في الغابرين وارحمه برحمتك يا أرحم الراحمين .**

**–** (للأنثى) **اللهم إن هذه المسجاة قدامنا أمتك وإبنة عبدك وإبنة أمتك نزلت بك وأنت خير منزول به ، اللهم إنا لا نعلم منها إلا خيراً وأنت أعلم بها منا ، اللهم إن كانت محسنة فزد فى إحسانها وإن كانت مسيئة فتجاوز عن سيئاتها واغفر لنا ولها ، اللهم اجعلها عندك فى أعلى عليين واخلف على أهلها في الغابرين وارحمها برحمتك يا أرحم الراحمين .**

**٥– الله أكْبرُ**

## V- NY FOMBA FANDEVENANA

Ny asa tsy maintsy atao aorian'ny vavaka natao ho an'ny maty dia ny fandevenana azy.

1- Tokony hafainganina araka izay azo atao ny fandevenana.

2- Tsy maintsy alevina ambany tany ny fatin'ny mpino silamo, ary tsy azo atao ny mandevina ny mpino amin'ny toerana tsy mendrika, toy ny fanariam-pako ; na any amin'ny fasan'ireo tsy mpino ; na amin'ny toerana tsy ara-dalàna. Wajibo ny fanaovana lalina ny lavaka mba tsy ho mora fongarina na hivoaka aty ivelany ny fofona.

3- Alohan'ny anitrihina ny razana dia hapetraka metatra vitsivitsy miala ny lavaka izy, avy eo dia afindra mandroso tsikelikely in-telo miantoana ary farany dia hampidirina ao anaty lavaka amin'izay. Raha lahy ilay maty dia ny lohany no ahidina voalohany eo amin'ny fampidirana azy ao anaty fasana, fa raha vavy kosa dia miaraka ampidirina ny vatany, ary mandritra ny fametrahana azy ao anaty fasana dia tsara raha takonana lamba be ny lavaka. Ireo izay midina ao anaty fasana dia tsy tsara ho azy ireo ny mikiraro na misatroka, ary rehefa mivoaka tao izy ireo dia avy aty an-tongotra no mivoaka.

4- Rehefa tafidina sy tafapetraka ao anaty fasana ilay razana dia :

- Vahana ny fehy namatorana azy teo.
- Somary arirana ny razana ary ny ilany havanana no atao ambany, atodika any amin'ny Kiblat ny tarehiny sy ny vatany. Bongatany no ampiasaina hametrahana ny lohany.

5- Aorian'ny hanotofana ny lavaka dia vakiana eo anatrehany ilay fampahatsiahivana antsoina hoe **Talqine al Mayit,** izay atao amn'ny feo ambony. Tsara raha tazomina no sady hetsehina ny sorony roa rehefa manonona ny anaran'ilay maty mandritra io famakiana **Talqine** io. Tahaka izany koa dia tsara ho an'ireo havany akaiky **(wali)** ny mamaky io Talqine io fanindroany aorian'ny fanotofana ny lavaka, azon'izy ireo atao anefa ny mindrana olon-kafa hanao izany.

Toy izao manaraka izao ny Talqine ho vakiana raha lehilahy ilay maty :

# تلقين الميت

**إسمع إفهم إسمع إفهم إسمع إفهم** يا فلان ابن فلان ( وليذكر اسم الميت واسم ابيه ) **هل انت على العهد الذي فارقتنا عليه من شهادة أن لا إله إلا الله وحده لا شريك له ، وأن محمدا صلى الله عليه وآله عبده ورسوله وسيد النبيين وخاتم المرسلين ، وأن عليا أمير المؤمنين وسيد الوصيين وإمام افترض الله طاعته على العالمين ، وأن الحسن والحسين وعلى بن الحسين ومحمد بن على وجعفر بن محمد وموسى بن جعفر وعلى بن موسى ومحمد بن على وعلى بن محمد والحسن بن على والقائم الحجة المهدي صلوات الله عليهم أئمة المؤمنين وحجج الله على الخلق أجمعين وأئمتك أئمة هدى أبرار ،**

يا فلان ابن فلان **إذا أتاك الملكان المقربان رسولين من عند الله تبارك وتعالى وسألاك عن ربك وعن نبيك وعن دينك وعن كتابك وعن قبلتك وعن أئمتك فلا تخف و لا تحزن وقل فى جوابهما: الله جل جلاله ربى ومحمد صلى الله عليه وآله نبى والاسلام دينى ، والقران كتابى ، والكعبة قبلتى ، وأمير المؤمنين على بن أبى طالب إمامى والحسن بن على المجتبى إمامى والحسين بن على الشهيد بكربلاء إمامى وعلى بن الحسين زين العابدين إمامى ومحمد باقر علم النبيّين إمامى وجعفر الصادق إمامى وموسى الكاظم إمامى وعلى الرضا إمامى ومحمد الجواد إمامى وعلى الهادي إمامى والحسن العسكري إمامى والحجة المنتظر إمامى هؤلاء صلوات الله عليهم أجمعين أئمتى وسادتي وقادتي وشفعائي ، بهم أتولى ومن أعدائهم أتبرأ فى الدنيا والاخرة ،**

**ثم اعلم** يا فلان ابن فلان **أن الله تبارك وتعالى نعم الرب ، وأن محمد صلى**

**الله عليه وآله نعم الرسول ، وأن أمير المؤمنين على بن أبى طالب وأولاده المعصومين الأئمة الاحد عشر نعم الائمة وأن ما جاء به محمد صلى الله عليه وآله حق وأن الموت حق وسؤال منكر ونكير حق فى القبر حق والبعث حق والنشور حق والصراط حق والميزان حق وتطاير الكتب حق وأن الجنة حق والنار حق وأن الساعة آتية لا ريب فيها وأن الله يبعث من فى القبور ،** ثم يقول **أفهمت** يا فلان ( **فى الحديث ان الميت يجيب نعم فهمت** ) ثم تقول **ثبتك الله بالقول الثابت ، هداك الله إلى صراط مستقيم ، عرّف الله بينك وبين أوليائك فى مستقر من رحمته ،** ثم تقول : **اللهم جاف الأرض عن جنبيه واصعد بروحه إليك وَلَقه منك برهانا اللهم عفوك عفوك عفوك .**

Toy izao manaraka izao ny Talqine ho vakiana raha vehivavy ilay maty :

## تلقين الميت

**إسمعي إفهمي إسمعي إفهمي إسمعي إفهمي** يا فلانة بنت فلان (وليذكر اسم الميت واسم ابيها ) **هل انتِ على العهد الذي فارقتنا عليه من شهادة أن لا إله إلا الله وحده لا شريك له ، وأن محمدا صلى الله عليه وآله عبده ورسوله وسيد النبيين وخاتم المرسلين ، وأن عليا أمير المؤمنين وسيد الوصيين وإمام افترض الله طاعته على العالمين ، وأن الحسن والحسين وعلى بن الحسين ومحمد بن على وجعفر بن محمد وموسى بن جعفر وعلى بن موسى ومحمد بن على وعلى بن محمد والحسن بن على والقائم الحجة المهدي صلوات الله عليهم أئمة المؤمنين وحجج الله على الخلق أجمعين وأئمتك أئمة هدى أبرار ،**

يا فلانة بنت فلان **إذا أتاك الملكان المقربان رسولين من عند الله تبارك وتعالى وسألاكِ عن ربكِ وعن نبيكِ وعن دينكِ وعن كتابكِ وعن قبلتكِ وعن أئمتكِ فلا تخفى و لا تحزنى وقولى فى جوابهما: الله جل جلاله ربى ومحمد صلى الله عليه وآله نبى والاسلام دينى ، والقران كتابى ، والكعبة قبلتى ، وأمير المؤمنين على بن أبى طالب إمامى والحسن بن على المجتبى إمامى والحسين بن على الشهيد بكربلاء إمامى وعلى بن الحسين زين العابدين إمامى ومحمد باقر علم النبيّين إمامى وجعفر الصادق إمامى وموسى الكاظم إمامى وعلى الرضا إمامى ومحمد الجواد إمامى وعلى الهادي إمامى والحسن العسكري إمامى والحجة المنتظر إمامى هؤلاء صلوات الله عليهم أجمعين أئمتى وسادتي وقادتي وشفعائي ، بهم أتولى ومن أعدائهم أتبرأ فى الدنيا والاخرة ،**

**ثم إعلمى** يا فلانة بنت فلان **أن الله تبارك وتعالى نعم الرب ، وأن محمد صلى الله عليه وآله نعم الرسول ، وأن أمير المؤمنين على بن أبى طالب وأولاده المعصومين الأئمة الاحد عشر نعم الائمة وأن ما جاء به محمد صلى الله عليه وآله حق وأن الموت حق وسؤال منكر ونكير حق فى القبر حق والبعث حق والنشور حق والصراط حق والميزان حق وتطاير الكتب حق وأن الجنة حق والنار حق وأن الساعة آتِيَة لا ريب فيها وأن الله يبعث من فى القبور ،** ثم يقول **أفَهِمْتِ** يا فلانة بنت فلان ( في الحديث ان الميت يجيب نعم فهمت ) ثم تقول **ثبتك الله بالقول الثابت ، هداك الله إلى صراط مستقيم ، عرّف الله بينكِ وبين أوليائكِ فى مستقر من رحمتهِ ،** ثم تقول :

**اللهم جاف الأرض عن جنبيها واصعد بروحها إليكَ وَلَقها منكَ برهانا اللهم عفوك عفوك عفوك .**

- ▷ Rehefa vita ny famakiana ny Talqine dia totofana ny lavaka. Tokony handray anjara amin'io fanotofana lavaka io amin'ny vohotanany avokoa ireo rehetra tonga manatrika ny fandevenana, miaraka amin'ny teny hoe : “INNA LILLAHI WA INNA ILAYHI ARRAJIONA”. Tsy anisan'izany ireo havany akaiky.
- ▷ Tokony ampiakarina kely ny tany eo ambony fasana ary tokony asiana famantarana manokana. Tondrahana rano mangatsiaka ny tampon'ilay fasana ary ireo havany akaiky no tsara manao izany.
- ▷ Alohan'ny handaozana tanteraka ny fasana dia tsara raha mangata-pitahiana ho an'ny maty ireo rehetra tonga teo, izany dia amin'ny alalan'ny fanitrihan'izy ireo ny rantsan-tanany dimy havanana eo ambony fasana ary mamaky soratra masina “Sourate AL-QADRE” im-pito sy Doa hafa azo atao tahaka ny hoe :

اللَّهُمَّ ارحَم غُربَتَه ، وَصِل وَحدَتَه ، وَآنِس وَحشَتَه ، وَآمِن رَوعَتَه ، وَأسكِن إلَيهِ مِن رَحمَتِكَ ما يَستَغني بِهِ عَن رَحمَةِ مَن سِواك ، وَألحِقهُ بِمَن كانَ يَتَوَلاّه.

## NY SOALAT ALIN'NY  FANDEVENANA SOALAT AL WAHCHATE

Hoy i Nabi (saw) indray andro manao hoe : "Ny andro sarotra sy mafy indrindra ho an'ny maty dia ny alina voalohany hipetrahany ao anaty fasana, koa aoka ianareo hiantra azy ireo amin'ny famoahana SADAKA sy fanaovana soalat AL WAHCHATE."

- Tsara indrindra raha ny alina voalohany fandevenana no hanaovana ity vavaka ho an'ny fanahin'ny maty ity. Toy izao ny fanaovana azy : Soalat manana rakat roa, ka aorian'ny famakiana ny Sorate al-hamdo dia mamaky Ayat al-Korsi, izay ny rakat voalohany, eo amin'ny faharoa dia Sorate al-hamdo sy Sorate al-qadre im-polo. Rehefa vita io soalat io dia miteny hoe :

"Allahoma soali ala Mohammadin oa ali Mohammadin, alefaso any amin'ny fasan'i (anaran'ilay maty) ny valimbavaka nataoko teo".

## NY FAMANGIANA FASANA

Hoy ny Mpaminanintsika (saw) manao hoe : "Mamangia fasana ianareo mba hahatsiarovanareo mandrakariva ny fahafatesana".

Tsy tokony hanadino ireo Havana efa nodimandry isika mbola velona, mba tsy hanadino antsika ny havana rehefa mandao azy ireo koa isika. Tokony hanao asa soa sy manome Sadaka amin'ny anaran'izy ireo isika, ary koa mamaky soratra masina sy Doa. Ny fampisehoana fitiavana sy fanajana ray aman-dreny dia azo tohizana na dia efa nodimandry aza izy ireny.


Voalaza fa mahazo tombontsoa amin'ny famangiantsika ny fasan'izy ireny ny fanahin'ny maty. Mostahab ho an'ny lehilahy ny mamangy fasana sy mamaky Fatiha ny alatsinainy sy ny Asabotsy maraina, ary ny Alakamisy sy ny Zoma hariva.

Mostahab ny famakiana ity Doa ity alohan'ny hiditra ny fasana :

بِسمِ اللهِ الرَّحمنِ الرَّحيم

السَّلامُ عَلى أهلِ لا إلهَ إلاّ الله ، مِن أهلِ لا إلهَ إلاّ الله ، يا أهلَ لا إلهَ إلاّ الله ، بِحَقِّ لا إلهَ إلاّ الله ، كَيفَ وَجَدتُم قَولَ لا إلهَ إلاّ اللهُ مِن لا إلهَ إلاّ الله يا لا إلهَ إلاّ الله ، بِحَقِّ لا إلهَ إلاّ الله ، اغفِر لِمَن قالَ لا إلهَ إلاّ الله ، وَاحشُرنا في زُمرَةِ مَن قالَ لا إلهَ إلاّ اللهُ مُحَمَّدٌ رَسولُ اللهِ عَليٌّ وَليُّ الله

السَّلامُ عَلى أهلِ الدِّيارِ مِنَ المُؤمِنينَ وَالمُسلِمين ، أنتُم لَنا فَرَطٌ وَنَحنُ إن شاءَ اللهُ بِكُم لاحِقون.




**FANAZAVANA FANAMPINY :**

1- Ny olona avy nampandro razana na izay nikasika azy alohan'ny Ghoslo dia tsy maintsy mandro Ghoslo massa almayit ireo olona ireo. (Mitovy amin'ny mandro Janaba ihany).

2- Rehefa vita Ghoslo na fampandroana ilay razana dia tsy voatery mandro ny olona izay nikasika azy.

3- Raha misy olona maty mandritra ny Hayz na Janaba dia ampy azy ny Ghoslo al-mayit izay atao azy.

4- Raha mandritra ny Ihram no maty ilay olona dia tsy ampiasaina zava-manitra eo amin'ny fikarakarana ny razana toy ny Kanfor raha maty any **LA MECQUE.**



## BISMIHI TA ' ALA

## REMERCIEMENTS


Par la grâce d'ALLAH (S.W.T) le PROPHETE MOHAMMAD (SAW) et ses AHLUL-BAYT (AS), nous avons le plaisir de publier pour la premiere fois le present livre intitulé « NY FOMBA ATAO RAHA MISY MATY » en langue MALGACHE, afin de pouvoir transmettre les rites et connaissance essentielle à appliquer pendant le décès d'une personne.

Vous trouverez dans ce petit ouvrage, le comment faire avant le décès, le Ghoslo-Al-Mayit, le Kafane, l'inhumation et la TALQINE.

Nous remercions infiniment la famille Asgaraly Mamodaly Dinemamod qui nous a sponsorisée à éditer le present livre, dédié en la mémoire de tous les défunts (Marhoums) momenines.

Celui qui utilisera ce livre est prié (sans obligation) de reciter un SOURATE FATEHA en la mémoire de ces Marhoums Momenines.